# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Oktobra 2018

# 1 Alatsinainy oktobra

**Tafio avokoa ny fiadian'Adriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. Fa isika … mitolona … amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.**
Efesiana 6. 11, 12

**Manohera ny devoly, dia handositra anareo izy.**
Jakoba 4. 7

## Ny adin'ny kristiana (5) : ampinga mahomby

Ho fanampin'ireo fiadiana rehetra omen'Andriamanitra, dia taomina ny kristiana hitana „ny finoana ho ampinga", hahazoany mamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra alefan'ilay ratsy (Efesiana 6. 16).

Ireo zana-tsipìka ireo dia ny soso-kevitra atsofok'i Satana ao anatin'ny saintsika, mba hitarika antsika hisalasala ny amin'Andriamanitra sy ny Teniny.

Ireo zana-tsipìka ireo dia „mirehitra", ary izay no tena maha loza azy. Raha avela hihanaka ny afo, na faran'izay kely aza, dia mety hiteraka hain-trano na doro tanety goavana. Toy izany koa, ny hevitra mifono fisalasalana, raha leferina, dia miteraka hevitra iray hafa toa azy, dia iray hafa koa, ary mety hitarika hatrany amina fikorontan-tsaina lalina. Noho izany dia tena ilaintsika „ny finoana ho ampinga".

Ny hoe mitana ny finoana ho ampinga, dia mampiasa ho fiadiana ny faharesen-dahatra fa tokony hinoana tsy misy fepetra ny teny lazain'Andriamanitra. Ny hoe mitana ny finoana ho ampinga ihany koa dia mamaly amin'ny fomba hentitra, toy ny nataon'i Jesosy tamin'i Satana, hoe : „Mandehana ianao, ry Satana, fa voasoratra hoe…" (Matio 4. 10). Sady milaza koa, toy ny apostoly Paoly tao anaty tafiotra, hoe : „Mino an'Andriamanitra aho" (Asan'ny Apostoly 27. 25).

Ry kristiana, raha vao misy hevitra mampiditra fisalasalana — momba ny hatsaram-pon'Andriamanitra, ny fahendreny, ny fahamarinany, ny fitiavany — dia tohero amin'ny herinao manontolo, tohero amin'ny teny mitory finoana ka tsy hay tohaina, hoe : „Voasoratra hoe". Aza manandrana miady hevitra, aza manohitra ny hevitr'i Satana amin'ny fahendrenao : lehibe io fahavalo io, ka azo antoka fa ho resy ianao. Manoloana ny hevitra aroson'ny devoly, dia ny ampingan'ny finoana ihany no fiadiana mahomby. Mahomby ny finoana, satria fitaovana voasedra, azo antoka, ary tsy mety diso. Ambaran'Andriamanitra fa ny finoana dia „hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka … rehetra".